

Ny Valosoa sy hadihady

Ny fampitana fahalalana mahomby indrindra dia ny tenindreny 3

NY VALOSOA

Gazety mische intelo isan-kerinandro
(Tolata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Alakamisy 20 february 2020

Laharana 1018

Vidiny : 400 Ar

Ahiana ny korontana any Antsiranana 6

Zaza tratra nangalatra, maty nisy
nitoto tamin'ny vato ny lohany

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alrobia 26 febroary 2020 2

Fianakavian'i Fafah Mahaleo 5

Fihaonambe ho fameloma-maso ny TIM


Nivoaka tamin'ny fahanginany



MODE JUSTICE

2

Hiaro hatramin'ny
farany ireo fananan'
ny Malagasy



Famindrana tsy ara-drariny

2

Mitaraina ny mpampianatra
avy any Analalava

Ratolojanahary Maharavo

7

Ataon'ny mpandrahahara tantely afa-
drakotra ny harenan'ny faritra Sofia

Fanjakana Saoudianina

5

Nanolotra fanampiana ara-tsakafo
2500 baoritra ho an'ny traboina




Daka kely

Ho ataoareo maro loko koa
zany ny Rova ry Boaikely a !

Annie Faraony

6

Mivoy ny gadon-kira batrelaky



ALROBIA 26 FEBROARY 2020

Fihonambe ho fameloma-maso ny TIM

Antoko matanjaka eto Madagasikara ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) fa tsy araka ny lazain'ny sasany, fa ho faty raha vao tsy lany ben'ny tanàna ny kandida natolotry ny TIM eto Antananarivo Renivohitra. Ny alarobia 26 febroary ho avy izao eny amin'ny Andy By Pass Alasora Antananarivo Avaradrano dia hisy ny fihonambe ho fameloma-maso ny antoko, hataon'ny biraô mitantana ny Tiako i Madagasikara manomboka eny amin'ny fototra Foko-TIM, COM-TIM, DISTIM, REGTIM, ny biraô politika, ny olom-boafidy,... hanomboka amin'ny 10 ora maraina.

Famindran-toerana tsy ara-drariny



Ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana.

Natao izao araka ny fambaràna ho fanamafisana ny rafitry ny antoko isam-paritra ary fotoana hampisehoana ny sekre-

tera jeneraly vaovaon'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro ary ireo mpiaramiasa aminy. Eo ihany koa no ampisehoana ireo

ben'ny tanàna vaovao lany tamin'ny anaran'ny antoko sy ny mpanolotsaina ny tanàna. Raha antoko mandeha samirery dia ny antoko TIM no antoko matanjaka indrindra eto Madagasikara amin'izao fotoana, satria ananay olom-boafidy avokoa ny rafitry rehetra efa nanatantehana fidianana teto amintsika, na nisy aza ny hosoka sy ny hala-bato nandritra ireny fidianana samihafa efa vita ireny. Ao anatin'ny fanoherana ny antoko amin'izao fotoana ary mivonona hatrany amin'ny mety hisian'ny fifandimbiasam-pahefana eto amin'ny firenena.

Helisoa

Mitaraina ny mpampianatra avy any Analalava

Mitombo andro aman'alina ireo mpampianatra mitaraina ho voan'ny tsindry hazo lena eto amintsika. Niteraka resabe ny zava-nisy tao Anjiamangirina, distrik'an'Tsosihy, faritra Sofia farany ireny. Akory ihany koa ny hagagana raha nifanena tamin'ny mpampianatra CEG roa avy any amin'ny Cisco Analalava, DRENENTP Sofia, Faritra Sofia, izay tonga eto Antananarivo anatin'ny vanimpotoan'an'ny fampianaranana izao. Ny famindran-toerana heverin'izy ireo tsy ara-drariny no mampitaraina ireto mpanabe avy any amin'ny distrik'an'Analalava ireto. Isan'ny manimba tanteraka ny fampianaranana, hoy izy ireo, ny fitsabahan'ireo mpanao politika doatra amin'ny asan'ny mpanabe, ka anaovana antso avo amin'ny Fitondrana foibe izany. "Ny dianay eto an-drenivohitra dia mangatka fanafoanana ny famindran-toerana mahazo izahay. Ireto famindran-toerana natao aminay ireto dia ny solombavambahoaka voafidy tao Analalava, Djaosera Irénée, no ambadik'izany. Miady tany izahay sy Depiote Djaosera ao Be-fotaka Avaratra. Ny rahalahiny moa no atosiny hiady io tany io amiko, fa izy dia eo akaiky eo ihanay. Tsy nahazo ny rariny tamin'ny fitsarana ry zareo tamin'io ady io ary efa nahazoako 'grosse' izany, ka tezitra tamiko mafy ny Depiote, satria nangatahoko onitra. Nampiakatra ny ady ry zareo. Nahazo famindran-toerana any Ikalamavony, Fianarantsoa aho, taorian'io momba tsy ahafahako miatrika ny ady manaraka, satria ny reniko efa antitra, ka izaho no misolotena azy. Afandra any lavitra any aho amin'izay tsy afaka miaro ny taniko. Ary ankaton'izao andro asara izao no nitran-gan'izany famindran-toerana izany. Tena tsy rariny!", hoy i Rantiantsoa Tsiry, mpampianatra CEG Antsiradrano, Cisco Analalava, nahazo famindran-toerana any Ikalamavony ity, mandritra ny vanim-potoana fanaaranana izao. Nanamafy ihany koa ny Talen'ny CEG Analalava,



Ireo mpampianatra mirahalahy avy any Analalava.

Ravelomiarinjara Romel nafindra any Beloha Androy: "Izahay moa noho ny fomba fiery tsy mitovy amin'ny Depiote voafidy tato amin'ny Distrik'an'Analalava dia nafindra toerana avy tao Be-fotaka Avaratra ny tenako ka halefa tao Analalava, tsy ampy iray taona anefa izany mbola tsy afapo ny Depiote, ka izao nafindra any Beloha Androy indray! Efa tsy rariny intsony... Ka manao antso avo eto amin'ity famindran-toerana tsy rariny miendrika tsindry hazo lena mahaovao ny mpampianatra ity. Mi-

manta hatrany amin'ny rantsamangaika. Raha misy mibirioka ireo dia anajaranay ny miteny sy ny manara-maso ny asan'izy ireo, ... Izay no asan'ny Depiote, raha misy ankoat'i'zay dia tsy idiran'ny Depiote. Raha mahakasika ny mpampianatra lazainareo izany, hoy ny depiote rehefa namely izao olona izao


izy dia mety manana olana amiko ilay olona. Mety olona tsy fantatro akory izy, ka raha manana olana amiko dia mety olana ara-politika na halako bika tsy tiako tarehy, fa matoa mbola voafidy aho dia mamibahoaka sy nanao zavatra tsara, hoy ity depiote ity. Ka tsy hitako inona no ifandraisany Depiote amin'ny famindran-toerana ny mpampianatra. Tsy andraikiray ny Depiote izany. Ary raha manana olana olana ara-politika amiko izy, izaho mino fa ny mpampianatra tsy manao politika, tsy anjarany izany fa ny mpampianatra no tokony hataon'ny mpampianatra fa tsy manao politika", hoy indrindra ny fanazavana noent'ny Depiote Djaosera Irénée, tamin'ny fanazavany. Ny vy tsy mikitrana irery, ka heverina fa hojeren'ny tompon'andraikiray izao famindran-toerana tsy ara-drariny misy any Analalava izao.

Niaina

Mode Justice

Hiaro hatramin'ny farany ireo fananan'ny Malagasy

Efa nilaza hatrany ny Monde Justice, fikambanana mijoro eto Madagasikara, sy any ampitan-drano masina, fa hiaro ny fananan'ny Malagasy, izay bodoin'ny vahiny izy ireo, na eto an-toerana io, na any ivelany. Nisy omaly ny fihaonan'ny mpikambana Monde Justice eto Madagasikara tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny SOLIMOTEL Anosy, ka lahadinika tamin'izany ny resaka Nosy manodidina fananan'ny Malagasy, izay bodoin'ny Frantsay sy ny resaka Ambohitrimanjaka. Manoloana ny filazan'ny filoha Frantsay, fa hatao valanjavaboaharim-pirenena fananan'ny Frantsay ny Nosy GLORIEUSES dia miantso ny filoha Andry Rajoelina hanatanteraka manomboka amin'ny Governe-



Ny avy amin'ny Monde Justice nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Anosy.

ny zavatra tapaka nandrika ny favoriana teny amin'ny CCI Ivato izay fampatenana nataony tamin'ny vahoaka Malagasy ny fikambanana. Efa nilaza tamin'ny fomba ofisialy ny Firenena Mikambana, fa nosy Malagasy ny Iles

vatra rehetra tiana hataeo eo hoy izy. Fa mikasika ny fakàna ny tanin'ny Malagasy indray toy ny eny Ambohitrimanjaka dia tsy hanaiky io velively izahay hoy James Ratsima sy ny solotenan'ny mponin'Ambohitrimanjaka. Ny antony, tanimbary mamokatra io, ao anaty velirano faha 9 n'ny filoha Rajoelina ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, ka tsy tokony hotofana io. Eto izahay dia milaza hoy ny Monde Justice fa mila ho fantatry ny Malagasy ny lisitry ny tany alain'ny fanjakàna satria betsaka no efa tonga mitaraina amin'ity fikambanana ity ireo Malagasy very zo alaina aminy ny fananany manerana an'i Madagasikara.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Aoka hazava ny fitandroana ny kolontsaina Malagasy

Ny Malagasy sarotiny amin'ny kolontsaina no lazaina fa Malagasy miorim-paka. Tsy eken'ny sainy velively ny fampifangoana ny kolontsaina na ny soatoaviny amin'ny fombam-bahiny mifanohitra amin'ny azy. Amin'izay fotoana izay mantsy ho lasa safiota ihany koa ny kolontsaina, ka tsy mendrika ho lovain'ny taranaka any aoriana izany. Tsy azon'ny saina ekena ny fanamaivanana ny kolontsaina Malagasy amin'ny fomba fiery efa voasisika singantsingany an'ny vahiny ary takonana amin'ny hoe saina misokatra. Izany fomba fiery saropiaro amin'ny maha Malagasy tanteraka izay, no tsy mety mangina, ary tsy maty eritreritra, ka sahiran-tsaina amin'ny fihetsiky ny fitondrana ankehitriny. Misy ny fikasana samihafa hotanteraha eny amin'ny Rovan'i Manjakamiadana amin'ny hanarenana azy. Nambara tamin'izany ireo pitsopitsony kasaina hotanteraha eny amin'io toerana manana ny maha izy azy io, sy maha izy azy ny soatoavina mbamin'ny hasina tsy maintsy tandrovina ao anatiny. Efa na-neho ny heviny amin'izany ny avy amin'ny fikambanan'Andriana eto Madagasikara. Asa raha mba nihaino izany ny fitondram-panjakana. Ankoatra azy ireo dia misy ihany koa ireo olom-pirenena tsotra tena sorena ny amin'ny hampidirana zavatra tsy tokony hapetraka ao amin'io Japan'ny Mpanjaka io. Asa na nasiana fierana amin'ny olona mendrika hanontaniana izany na tsia, toy ny tetikasa kasaina tanteraha eny Ambohitrimanjaka. Ny toerana manana ny hasiny sy lanjany amin'ny Malagasy mila fitandremana fa mety hampisy fiantraikany indray eo amin'ny fifandraisany fitondrana sy ny vahoaka, izay misy elanelana hatrany. Hoan'ny olom-pirenena sasany dia tokony ho hihazakazahan'ity fitondrana ity ihany koa ny fanadihadiana sy ny fikarohana ny satroboninahitry ny Mpanjaka Ranavalomanjaka. Toa odiana tsy hita na tsy ambara izany, kanefa tamin'ny andron'ny tetezamita no nahaverezan'izy io. Manana ny lanjany sy ny hasiny ihany koa izany eo amin'ny Malagasy sy ny firenena Malagasy manontolo, ka tsy tokony havelavela amin'izao fotsiny toy ny tsy nisy. Mandeha ila ihany ny fihetsiky ny fitondrana mihevitra ny hanarina ny Rovan'i Manjakamiadana sy io satroboninahitry ny Mpanjaka tsy hita io. Andrasana izay ho fihetsiky ny fitondrana ny amin'io raharaha io sy ny fikasany hanome lanja ny vakoka sy ny kolontsaina Malagasy.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Ny fampitana fahalalana mahomby indrindra dia ny tenindreny

sika malagasy dia tsy gisitra amin'ny fahatsiaro-vana ireo andro iraisampirenena samihafa, iray amin'ireny ny rahampitso 21 Febrero natokana hanomezandanja ny tenindreny.

Arik'izany anarany izany ny tenindreny dia ny teny ifampiresahan'ny reny amin'ny zanany, nanomboka tamin'ilay zaza vao naka toerana tao ambohoka sy nitombo tsikelikely tao ankibo mandrapahaterany, ary vao latsaka sy mandra-pibadabady. Ho antsika malagasy amin'ny ankaboney dia ny teny malagasy io, ilay tenindrazantsika izay ifaneraserantsika amin'ny andavanandro, ilay teny voajanahary ho an'ny zanaka malagasy.

Ny Unesco dia efa nanambara fa ny teny fampitana fahalalana mahomby indrindra dia ny tenindrazana, dia ilay teny nifampiresahan'ny reny tamin'ny zanany, voaporofa izany satria ireo manampahaizana sanganay amin'ny fikarohana erantany dia nampianarina tamin'ny tenindreny avokoa, na amerikana, na rosiana, na sinoa, na frantsay, na japone, sns... fa ny manampahaizana malagasy kosa, nobeazina tamin'ny teny frantsay, tsy mahagaga raha mijanona ho mpandika sy mpamerindesona hatrany.

Efa nampiharina teto amintsika ny fanagasiana ny fampianarana, kanefa dia natsahatra, ny antony natao izay tsy nampahomby ilay fanagasiana, satria tsy ampy ny teti-bola nanomezandanja azy, tsy lavorary ny fano-fanana ny mpampianatra, tsy ampy ny fanontana boky sy tahirinkevitra, ny niafarany dia maty momoka ilay fanagasiana, dia nipi-kelika ireo fahava-lompirenena ni-teny hoe tsy nahomby ilay fanagasiana ary ankehitriny dia lelalelaina fa tsy misy toy ny "ecole d'expression française", dia roboka mifandrombaka mandefa ny zanany mianatra any ny teratany Malagasy.

Eo amin'ny fiaianana andavanandro indray dia mbola ny teny frantsay no teny ifandraisana amin'ny taratasi-mpanjakana sy any amin'ny ambaratongam-pahefana isankarazany. Tamin'ny fanendrena ireo mpi-kambana tao amin'ny fitondrampanjakana farany teo dia natolotra tamin'ny teny frantsay ny anaran'ireo minisitra, dedaka ery ilay tompon'andraiki-panjakana ambony mitanisa ny hoe: "sont nommés". Any amin'ny antenimiera roa tonta indray dia amin'ny teny frantsay ny antontankevitra avy any amin'ireo minisitra zaraaina amin'ireo olomboafidy, kanefa ampahafirin'ireo olomboafidy no tena mahafehy ny teny frantsay, fanta-treiro minisitra tsara izany, saingy mety amin'izy ireo izany, satria amin'izay ho vitsy ny fanontaniana, rehefa tonga ny fifanatrehan'ny mpanatanteraka sy mpanao lalàna.

Tamin'ny fihaonambempirenena nananganana ny Repoblika fahatelo, dia samy niady varotra mafy ireo mpizaika fa tsy maintsy ny teny malagasy no teny ofisialy, fa rehefa nanontaniana ireo mafana fo, ahoana ny teny enti-mampianatra dia gina tsy nisy sahy namaly ny eran'ny trano, satria samy mbola mihevitra fa ny teny frantsay ihany no azo antoka ahitana fahom-biazana.

Raha nikitika ny lalampanorenany Repoblika fahatelo ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny taona 2007 dia voalaza mazava fa ny teny malagasy no te-

nimpirenena ofisialy, fa ny teny ampiasaina kosa dia ny teny malagasy sy anglisy ary frantsay, saingy rehefa nanao ny lalampanorenany Repoblika fahae-fatra ny filoha ankehitriny dia nesorina tao ny teny anglisy ary mbola notazonina ny teny frantsay.

Ny baiboly dia efa tamin'ny 21 Jona 1835 no efa voadika tamin'ny teny malagasy, hankalazain'ny Fikambanana Mampieli Baiboly Malagasy (FMBM) miaraka amin'ny mpino kristiana rehetra ny faha185 taona handikana ny baiboly tamin'ny tenindrazantsika amin'ity taona 2020 ity. Aoka atao an-tsaina fa ny baiboly ankoatran'ny fanabeazana ara-tsoratra masina dia ahitana ireo taranja maro toy ny tantara, jeografia, filozofia, lalàna, fiarahamonina, toekarena, sns... Ireo rehetra ireo dia voasoratra amin'ny teny malagasy avokoa ao anaty baiboly, izay boky sarotra sy manandanja indrindra.

Ankehitriny mahazo laka tanteraka eo amin'ny fanabeazana ny "ecole d'expression française", tsikaritra rehefa tonga ny fetin'ny reny na fetin'ny ray dia faly ery ireo ray amandreny, fa manao tsianjery amin'ny teny vazaha ny ankizy, ankasitrahany ireo nahitany masoandro.

Satria amin'ny teny frantsay manontolo ny fampitana fahalalana dia ampiarina momba ny fahalalam-pomba ny ankizy, ny vokatr'izay dia mahazo isa ambony ilay ankizy amin'ny fanadinana, saingy tsapa hoe tsy dia mahalala fomba ilay zaza, sady tsy dia ampy ny fanajana, ny antony tsy tamin'ny tenindrazany ny nanovozany ilay fahalalana.

Eo amin'ny lafiny finoana indray, matoa ny maro an'isa amin'ny malagasy mifikitra amin'ny fivavahana kristiana dia satria voadika tamin'ny tenindrazana ny baiboly, ka tsara toerana any an-tsain'ny malagasy ny sekoly alahady, na katesizy nampianarina fony kely ary mbola mandalina ny baiboly hatramin'izao ny mpino kristiana.

Eto am-pamaranana dia hiverenana mikasika ilay fanagasiana nolazaina fa tsy nahomby, misy ny porofazo tsapain-tanana, fa tamin'ireo ankizy nampianarina tamin'ny teny malagasy, dia nisy ireo namiratra indrindra teo amin'ny taranja siantifika ary mpampianatra vazaha iray tany andafy no niloa-bava hoe tena mahay fa tsy mpanao tsianjery maimbo, voaporofa izany ny fahamarinan'ny fanambaran'ny Unesco izay nanao hoe ny olona nahazo fahalalana tamin'ny tenindrazany dia mahomby kokoa eo amin'ny fandratoompahaizana ary ireo mpikaroka momba ny teny dia samy manaiky, fa ny olona tsara fototra amin'ny tenindrazany dia mora mahay tenimpirenena hafa.

Koa amin'izao fanamarihana ny andro iraisampirenena ho an'ny tenindreny izao dia rariny raha mahatsiaro ny fanomezandanja ny tenindrazana nataon'ny Filoha Marc Ravalomanana, izay nanokana teti-bola nampandrosoana ny fanaovana ny raki-bolana sy het-sika maro nanehoana ny maha-malagasy, ny orin'asa notantan'an'ny Filoha Ravalomanana no sahy nirehareha voalohany amin'ny hoe vita Malagasy, fa tsy toy ireo bolokimbazaha, saribakolim-bazaha, nitondra taty aorianany.

Ny Valosoa

YLTP sy ny FES

Nampifanatrika ny avy amin'ny fitondrana sy ny mpanohitra

Nampifanatrika ny avy amin'ny fitondrana sy ny avy amin'ny mpanohitra omaly, ny YLTP (Youth Leadership Training Program) sy ny FES (Friedrich Ebert Stiftung) : Fondation alemà miasa eto amintsika. Ady hevitra politika mahakasika ny veliranon'ny filoha Andry Rajoelina no niadian-kevitra tamin'izany herintaona aty aorianana. Nandray an-jara tamin'ny ady hevitra i Rinah RAKOTOMANGA, talen'ny Serasera ao amin'ny Prezidansa, Alain ANDRIAMISEZA, Filoha

Lefiry ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, nisolo ny toeran'i Fidèle Razara Pierre izy noho ny fandaminana, ary Hery RASON, Tale Mpanantateraka ny ONG Ivoary. Herintaona aty aorianana, raha dinihana sy fakafakaina dia mbola tsy misy tanteraka amin'ny ankaboney ny veliranon'ny Filoha Rajoelina, ny fihetsiketsehena iveny no be fa raha ny zava-bitia dia azo lazaina ho aotra hatreto.

Isambilo



Ireto mpandray anjara tamin'ny ady hevitra nokarakarin'ny YLTP sy ny FES.

ANTANANARIVO ATSIMONDRAKO

Notokanana tamin'ny fomba ofisialy ny Lycée Ampitatafika

« Lycée » Ampitatafika sekolim-panjakana ahitana tranon'ny fomba ofisialy tao amin'ity kaominina ity. Tonga nanotrona ny lanonam-panjakana ireo tompon'andraikitry ny fanabeazana tao amin'ny Cisco Atsimondrano notronin'ireo olom-panjakana isan'ambaratongany notarihin'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika Rado Ramparaoelina sy ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Atsimondrano Alain Ratsimbazafy, izay samy voafidy tamin'ny lisitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nilaza Andriamatoa Rakotomandimby Fanomezantsoa Richard, Proviseur ny « Lycée » Ampitatafika, fa ny fia-rraha-miasa teo amin'ny tompon'andraikitry ny Ministèrnan'ny Fanabeazana sy ny Kaominina Ampitatafika nandritra ny 10 taona niaraka amin'ireo O.N.G maro samihafa no nahafahana nanangana an'izao foto-draftr'asa lehibe izao. Nanohy nanazava ity tompon'andraikitry ny sekoly ity, fa laharana faha 32 amin'ny « Lycée » miisa 436 eto Madagasikara ny « Lycée » Ampitatafika eo amin'ny kalitaon'ny fampianarana sy ny hatsaran'ny foto-draftr'asa. Mpampianatra miisa 42 no manodina an'ity sekoly ity miampy an'ireo mpandrahara miisa 20. Marihina fa ankoatran'ny fitokananana ny sekoly dia nomarihina ihany koa ny fankalazana ny faha 10 taona nanorenana ny « Lycée » Ampitatafika.

Franck Razakambelo



Ny Lycée Ampitatafika notokanana.

TONONKALO

FILOHA MASOANDRO INDRAY ?

Filoha masoandro indray no hisy ka dia efa miomàna.

Ny masoandro mantsy izao no ankalazaina eto an-tanàna.

Raha vao mihetsika dia io fa ny masoandro no indramina,

Hanafenan'ny mpitondra izay rehetra tsy milamina .

Tetikasa tsy mazava, mbola tsy hay izay fivoarany,

Nefa dia "tanamasoandro" no napetraka ho anarany.

Ary angaha izany ihany fa ny kianja koa no lalina

Indro raikitra ho "masoandro", ho masoandro sasak'olina ?

Ny masoandro ve izany no ho "masina" ivavahana ?

Ampiasaina ho tampi-maso na koa vonjy iantorahana ?

Ny "masoandro tena izy" dia tsy manam-piangularana,

Fa tsy toy ny ankehitriny, atao fitaovam-pangalarana !

K'aza faly mindran-dava ny masoandro mpanafana,

Ho fanafenana ny lesoka, ry mpitondra fanjakana,


Fa meteza ianao hijoro, ampiasao ny fahefana,

Ho amin'ny tsara hatrany anefa fa tsy ho amin'ny hadalana!

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa


Ny fianakavian'i Fafah Mahaleo mampitandrina ny mpanely tsaho.



Ilay jiolahy fototry ny korontana tany Ambilobe, nalefa any Tsiafahy.



Sakafo Ny Valosoa



Rona trondro maina sy ovy ary anamalaho indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mbola mafana ny andro amin'izao fotoana, tsara noho izany raha laoka rony no hilaofana. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso Fomba fanalana tazo vetivety

Fomba fanalana tazo vetivety indray no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: rano mafana 1 kopy , tantely1 sotrokely , voasaramakirana tapany. Afangaro ireo. Manamboatra toy izany isaky ny adin'ny 2 mandritra ny 3 andro. Rehefa mahatsiaro fa salama alohan'izay dia hajanona ny fisotroana ilay karazana dite.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Daraina any amin'ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava


Ny tanànan'i Daraina any amin'ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitrity ny kaominina ambani-vohitr'i Daraina ity tanàna ity. 92 m eo ny haavony mio-hatra amin'ny ranomasina. Misy Daraina izay koa any amin'ny distrikan'Ambilobe, fa hafa ity any amin'ny distrikan'i Vohemara ity. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any an-toerana.



NY TENY FIANANA

I Timoty 3:5

Fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny fianganan'Andriamanitra?,"



facebook

NY VALOSOA

Gazety miseso intelo Isan-karinandro VAOVAO

Mety handroso ihany ve i Madagasikara indray andro any sa tsia?



gam-panjakana tarihan-dRajoelina ireto aloha tsy hahavita velively an' izany.

landry Roger : samia mpandroso ny fainany. Zay no tokony hiadina mafy.

Liv Ar-John : handroso tsika fa calme, rehefa miala eo ny fitondrana Rajoelina izay mpandainga sy mpanitaka io.

Rakotonaina Frederic : raha ny 90 % toetsaina malagasy dia tsy handroso zany io na asiana menaka aza.

Roma Mamy : mbola ho ela, rehefa misy zavatra 1 made in Madagasikara mampalaza antsika sy hidiram-bola betsaka dia zay no début.

Fenohasina Misandratra Andriambolamasoandro : mbola ho ela ahoana ary, tsika ary amin'izao efa mandroso koa... Mandroso mihemotra e! hiihiiiiiii!

Andrisoa Judicael Anjaramalala-tiana : ra ny zavamisy izay ampiainana antsika eto aloha dia tsy mampino izany atao fandrosoana izany na ho iza na ho iza no hitantana ny raharaha-baoka eto e!

Cyprien Tombo : tsy handroso mihitsy ity raha mbola tsy mahaleotena aratsakafo, raha tsy misy ny fananganana orinasa mamokatra zavatra ilain'ny firenena lehibe, raha mangataka lava am mpamatsy vola sy raha mbola saribakolin'ny firenen-dehibe ny mpitondra. Ohatra sakafo no olanao dia kianja no omeny. Ny mpitondra tarihan-dRajoelina koa tsy mahay izay laharam-pahamehany, Mahamasina andaniana volabe, nefy ny any Atsimo amin'izao mafy ny kere.

Noé Al Dadah : ny vahoaka no erany, tsy misy mpitondra ahavita miracles zany raha tsy ny olompirenena no vonona handroso sy mahatsiaro tena ho tompon'andraikitra .

Maryse Seheno : raha tiana handroso ny firenena iray indrindra fa i Madagascar dia tsota, hajao aloha ny maha gasy ny gasy!avereno ny fahendrena malagasy, arovy ary mba saropiaro am' kolontsaina sy ny soatoavinalary ny farany ALAVIRO NY MPANJANAKA!ireo no fototra tsy mampandroso antsika! Ny fitondrana Rajoelina anefa saribakolin-bazaha.

Onjanirina Patricio : raha misy filoha tsy mitokana zava bita sy tsy tia eboebo fa manahak n filoh n firenen haf ary ts tia ady an trano eo @ sam malags de handroso izy.

Fanomezantsoa Harinaina : raha mbola io toe-tsaina Tia kely sy mpanarao-pahefana io no tsy afaka dia manofinofisa ihany ny @ izany.

Noé Al Dadah : ny vahoaka no erany, tsy misy mpitondra ahavita miracles zany raha tsy ny olompirenena no vonona handroso sy mahatsiaro tena ho tompon'andraikitra .

Andre Maro : sarotra @ ny handroso satria mihemotra foana ny diany. Manao diam-poza orana isika, mihemotra mankany amin'ny farany gisitra hatrany ny fitondrana Rajoelina.

Ando Hasiniaina : NY FANDROSOANA samy manana ny famaritany. raha harena sy filaminana ary fahasalamana no hamaritantsika azy dia TSIA no valiny. Tsy misy afaka manohitra io satria efa faminaniana anaty Soratra Masina, fa miharatsy izao fainana izao. Ny anatra ho antsika hendry, fampahafatarana ho an'izay maditra dia ny 1 Kointiana 15:19.

Maria Joselle Rajerison : manana fimoana fa zanahary io tsy mijery ambonby fa mijery amban, tsy maintsy ho tafita foana Gasikara ra tsy eo intsony ny mpamita-bahoaka sy mpambotry firenena dia ry Rajoelina sy ny forongy.

Pasteur Mamy : MBL SAROTRA BE, SATRI TSIKA VAHOAKA MBL TSY MAHAZAKA FIOVANA ZANY FA TE HIJANONA AMZAO IANY, REFA HAN-DROSO MITSY DE MILA MIALA EO AM TOERANA MAHAZATRA IRAY ENAO, DIKAN ZAY MIS ZVT BEDABE TS MAITSY ESORINA SY RAVAINA ARY SOLOINA VAOVAO, MBL NOFY NY FANDROSOANA RAHA NY ETO, MBL TS ZAKAN SAIN GASY ZANY.

Yvon Rasolo : @ 2065 any ho any vao handroso. Tamin'ny fitondrana Ravalomanana no efa saika nandroso fa narodan'ny mpanongam-panjakana no tarihan'i Andry Rajoelina.

Bosco Ramilaza : efa manomboka izao satria efa ampiaranina miampita amin'ny arabe sy mandeha amin'ny trottoir isika amin'izao. Raha mitohy tsikelikey izany, mety handroso.

Marie Claire Andriamanankoavy : corruption no foanana dia dingana iray izay aloha mandeha amin'ny fampandrosoana. Fa ireto mpitondra mpanon-

FAFAH MAHALEO

Nivoaka tamin'ny fahanginany ny fianakaviany

Misy tokoa ny fotoana hanginana, misy ny fotoana hitenenana, ny fotoana hisaonana, na mbola ao aza ny alahelo. Koa eto dia nivoaka amin'ny fahanginana ny fianakaviana akaiky ilay mpanakanato nandao antsika 4 volana lasa izay, dia i Fafah Mahaleo, fandaza teo amin'ny feo mangany. Mampitandrina ireo olona vitsy manely tsaho sy misandoka sy miseho mahalala ny fainany manokana mihoatra nohon'ny tompon-kavana izahay hoy ny fanambaranana, na amin'ny fomba ankolaka na mivantana, mba hanaja ny Vady sy Ray, Raibe, malalanay, ary indrindra ihany koa ireo ankohonana navelany. Eto dia mitodika manokana ho an'ireo mpanakafy ny kantony sy ny toe-



Ny sasany amin'ny fianakavian'i Fafah Mahaleo.

tra tsotra loatra nananany, sy tsy mba nanam-pahavaloo, mba tsy ihinana ambolony ny resaka sy sera- sera ataon'ny sakaiza manody vitsy dia vitsy manararaotra ny tsy maha eo azy intsony. Ary farany dia hamafisin'ny fianakaviana manontolo, ny tarika nisy azy, ireo namana tena namana na teto na tany ivedany tsy nanadino izy mbola isaorana feno hoy izy ireo.

Ny Valosoa

Fanjakana Saoudianina

Nanolotra fanampiana ara-tsakafo miisa 2500 baoritra ho an'ny traboina



Ireto fanampiana ho an'ny traboina avy amin'ny fanjakana any Arabia Saoudita.

fana-mpiana ireto eto Madagasikara. Nanohy nanazava Andriamatoa Evariste Lucien, fa mbola andiany voalohany ihany ity fanampiana ara-tsakafo no-mena ny tra-boina ity, fa mbola misy « Cartons » miisa 17 500 no ho tonga eto Madagasikara, hana-mpy an'ireo izay efa no-zaraina. Nanohy nanaza-va ity mpiasan'ny Masoivohon'i Madagasikara any Arabia Saoudita ity, fa vokatry ny fiaraha- miasa teo amin'ny Masoivohon'i Madagasikara any Riyad Arabia Saoudite, sy ny Mpanjakan'i Arabia Saoudita Salman Bin Abdulaziz, sy ny Printsy Mohamed Bin Salman, no nahatonga an'ireto

nantsoa Gabriel tompon'andraitra iray ao amin'ny Bngrc, fa miisa 1171 ireo olona tra-boina any amin'ny Distrikan'i Mahanoro vokatry ny fanadalovan'ny andro ratsy Francisco ary efa tafapetraka avokoa hoy ity tompon'andraikitra ity ireo « Reponse d'urgence » any antoerana, ho famonjena sy fanampiana ny mponina amin'ny famindran-toerana vokatry ny fiaka-ran'ny rano. Miara-miasa amin'ny tafika sy ny tompon'andraiki-panjakana ny any an-toerana.

Franck Razakambelo

Aiza ny fanjakana hoy ny mponina?

Tafakatra 4000 Ar ny rano iray bidon any Ambovombe Androy

Raha toa ka vidiana 200 ariary ny rano iray bidon mavo any amin'ny renivohitr'Ambovombe Androy teo aloha, dia lasa 600 ariary izany ankehitriny. Ny any amin'ny kaominina manodidina moa dia vidiana 2000 hatramin'ny 4000 ariary mihitsy ny iray bidon. Mitaraina ny mponina hoe aiza ny fanjakana tsy mijery ny olan'ny mponina aty Ambovombe Androy? Misy fiantaikany amin'ny biby fiompy ihany koa mantsy ity tsy faham-

Ny Valosoa

ANNIE FARAONY


Mivoy ny gadon-kira batrelaky

Batrelaky, gadona sy fomba fandihy nentim-paharazana mampiavaka ny tapany atsimo atsinanan'ny Nosy. Ilo no ezahan'i Annie Faraony havoitra sy hasandratra anatin'ny sangana-sany.

Mampiavaka ny batrelaky lalaovin'i Annie Faraony ny fampiasana mandrakariva ny taralila na gorodona (angorodao) anatin' ireo vazony. Ezahana hatrany ny hitazonana ilay batrelaky nentim-paharazana, hoy i Annie Faraony noho izy ireny mirakitra soatoavina sy fomba amampao mampiavaka ny faritra atsimo atsinanana toa an'i Manakara sy Mahabako..

Mampita hafatra

Voizin'ity mpanakanto ity anatin'ireo hirany ihany koa ny filazana ny maha zava-dehibe ny fisian'ny zotran-dalamby FCE (Fianarantsoa-Côte Est). Antokty ny fivelarana ara-



Annie Faraony, mivoy ny Batrelaky ho fampitana hafatra sy fialana voly.

toe-karena any amin'iny faritr'i Manakara iny, amin'ny famoahana ireo vokatra tahaka ny akondro, letisia, kafe, sns... ny fisian'ity fiaradalamby ity, hoy i Annie Faraony koa rariny sy hitsiny raha resaha amin'ny fomba kanto ny tokony hijeren' ireo tomponandraikitra ny tokony hanatsarana izany

(fanavaozana ny lohamsinina), ity farany izay efa tena konkan'ny taona toko. Hira voalohany nojarian'i Annie Faraony ny "Mahabako", anaran-tanana niaviany. Vohitra miala 24 km an'i Manakara. Ventesiny anatin'ity sanagansany ity ny maha kanto an'i Mahabako sy ireo otrikarena ananany. Tsy ny lafiny toekarena ihany no mampalaza an'i Mahabako, fa maro ihany koa ireo toerana manantantra ahafahana mananteraka fizahantany any an-toerana. Olana hatrany anefa ny faharatsian'ny lalana. Andalana ho amin'ny fiketrehana ilay vazony vaovao "Mifankatiava", voarindra amin'ny gadona zouk love ankehitriny i Annie Faraony. Mpanakanto sady manala voly no mpampita hafatra. I Pierrot Matatana no mpandrindra ireo vazony i Annie Faraony sady miantsoroka ny lafiny fandraisam-peo.

Lalaso R.

Finoana

Fjkm Tranovato Rasalama Maritiora Ambohipotsy : Manohana azy ny taranany

Tonga marobe namaly antso natao ho azy ny taranaky ny fiangonana Fjkm Tranovato Rasalama Maritiora Ambohipotsy. Ny Alahady lasa teo dia niisa hatrany amin'ny 1350 izy ireo no niaraniombom-bavaka nidera sy nisaotra an'Andriamanitra, nandrity ny "Andron'ny Taranaka", izay fanaon'ny Fiagonana isan-taona. Nahatratra hatrany amin'ny 13 tapitsira ariary ny vola voaangona tamin'izany, ary trastra ny tanjona, hoy ny Mpitandrina ao an-toerana, Ramanantsoa Andriamihaja Tiana Dani. Maro ny asa miandry ny Fiagonana amin'izao fotoana izao, na anatiny, na ivelany. Ny anatiny dia efa vita ny ampahany lehibe amin'ny fanangana ny Akanin'ny fiagonana, fa mbola misy anefa ny tohin'ny asa amin'izany. Ny ivelany,



Ny fiagonana FJKM eny Ambohipotsy.

ankoatra ny asa fanorenna trano fiagonana tany Ankijanomadiro izay notokanana tamin'ny novambra tamin'ny taondasa, dia efa misy sahady ihany koa ankehitriny toerana roa natolotra izay halamin'ny fiagonana ny

fandaharam-potoana ha-naovany ny asa Fitoriana Filazantsara sy Tafika Massina mialoha ny hanorenna trano fiagonana amin'ireo toerana ireo. Any Vohipeno sy Bekily ireo toerana ireo. Mazava loatra, fa mitondra anjara

biriky lehibe ao anatin'ireo asa lehibe tanterahiny ireo ny taranaky ny fiagonana Fjkm Tranovato Rasalama Maritiora Ambohipotsy. Santionany amin'izany ny nataony tamin'ny alahady lasa teo iny.

Radafy

Fambolen-kazon'ny AFF Foibe Fjkm

Hanatanteraka fambolen-kazo ny Sabotsy izao

Velaran-tany 15 ha ao Andranonahoatra, kaominina Ambohitromby distrik'an Ankazobe, faritra Analamanga, no hanatanterakan'ny AFF (Asa Fitoriana Filazantsara) foibe Fjkm, fambolen-kazo ny Sabotsy 22 Febrero 2020 ho avy izao. Karazan-kazo toy ny kesika, kininina , sns... no ho vo-

lena any an-toerana. Efa vonona ny lavaka miisa 2000 hanatanteraha ny fambolena any Andranonahoatra, 23 km avy aty Antananarivo raha andeha ho any Ankazobe amin'ny lâlam-pirenena faha-4 iny. Tonga njery ny fizotry ny asa teny an-toerana ny talata lasa teo ny mpitandrina, Ravelo-

nanosy Mamitina, izay anisan'ny tompon'andrainitra amin'izany . Mitohy ny fanentanan'ny foibe Fjkm amin'ny mpino kris-tinina tsy ankanavaka amin'izany fambolen-kazo izany ny Sabotsy izao. Misy ny fiara iombonana miainga eny Analakely amin'io Sabotsy io ho an'izay tsy manana fiara

manokana ho any Anka-zobe. Vinan'ny Fjkm ny ho famontosana filazantsara ny nosy Madagaskara, fa vina ihany koa ny tontolo maitso ho lovain'ny taranaka fara-mandimbay amin'ny fiarovana ny tontolo iainana.

Rajo

Vehivavy saika maty sy namoy fo Nanolotra voady teny amin'i Jessica

Raha toa ka maro ireo sahy nijoro vavolombelona, naha-hita fahasovana teny amin'i Jessica, mpanotra 03387 395 41, eny Mandrosoa Ivato, toy ireo nilaza fa tsy nahazo zaza tao anatin'ny taona maro, fa rehefa nokara-karin'ity mpitsabo ity dia nahazo zaza soamantsara, ireo vehivavy nilaza fa saika nariam-badiny fa mombatsy miteraka, nefo rehefa nokarakaraina dia niteraka sady nilamina ihany koa ny tokantranony. Ireo vehivavy afa-jaza lava satra tratry ny mosavy sy ny vorika , favao nokarakarain'ity mpitsabo ity ihany koa dia sitrana sy nahazo zaza, ary ny tena nahazendana ny maro dia vehivavy maromaro no sahy nijoro vavolombelona fartsy niteraka tao anatin'ny taona maro nefo dia nahazo zaza indray, fa mbola tao koa ireo malemy tsy tafat-sangana mihitsy, fa nokarakaraina dia sitrana sy afaka nandeha soa amantsara, tao koa aza ireo vehivavy nilaza fa saro-piterahana sy marary foana rehefa bevohoka fa rehefa nokarakaraina dia tomady sy niteraka ihany koa. Samy niaiky izy ireo fa ny fikarakaran'ity mpitsabo ity no nahavelona sy nahavanona azy rehetra, ary saika maty sy namoy fianakaviana mihitsy raha tsy voakarakara teny aminy . Tao aza ireo mbola saika haka fanefitra mihitsy , saingy nambaran'ity mpitsabo ity fa azo antoka tsy misy atahorana intsony izay mahazo fikarakarana ao aminy . Sady nisaotra, no nolotra fanomezana ho an'ity mpitsabo ity ireo vehivavy maro ireo satra raha tsy tao aminy dia tao ny namoy aina, ny leo monina, ny resy tondromolotra, ny lany volabe sns...ka nahavony sy nanavotra azy ireo ny fikarakaran'ity mpitsabo ity. Nanamafy moa ity mpitsabo ity fa tsy sandaina volabe ny fitsaboana, saingy mahatsapa ny olona fa fahasovana no raisiny, ka izay foiny no omeny azy . Nambarany ihany koa fa mitohy ny fikarakarana amin'ity taona 2020 ity satra efa natao hikarakara sy hanompo ny olona mila fahasovana i Jessica eny Mandrosoa Ivato.

Namana

Ahiana ny korontana any Antsiranana

Zaza tratra nangalatra, maty nisy nitoto tamin'ny vato ny lohany

Nisy sahotaka sy sakoroka tao amin'ny tsena, tao Antsiranana omaly alarobia maraina, noho ny zaza avy any amin'ny "Cité Ouvrière" nangalatra tao an-tsena, ka nisy nahatratra. Teo dia nisy nidaroka sy nitoto vato ny lohany talohan'ny nitondran'olona azy tany amin'ny hopitaly. Indrisy, tsy tana intsony ny ainy fa maty ilay zaza. Atahorana sao hisy hanao valifaty ny fianakavian'ity ankizy maty ity. Marihina araka ny vaovao voaray, fa zanaka mpiavy ao Antsiranana io zaza io. Tsy mbola fantatra tsara ny zavatra nangalarin'ity zaza ity raha ny vaovao azo. Rakotra mpitandro filaminana ny ao Tanambao tsena noho izany. Arahantsika eo ihany ho tohin'ity raharaha ity.

Stefy



Mihâtrana ny mpitandro filaminana any Antsiranana.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE

15/02/20 hatramin'ny
22/02/2020

- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020

22 699 19/034 16 326 06

- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50

- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andraovohangy) 020 22 255 51

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanieranana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15

- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopital Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopital Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 / Orange :
032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118 / 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambanidina : 22 309 46
3° Antaninandro : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimanarina :
22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho
intello
isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsialavona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
MATEX Imprimerie

Fametrahana 1018-02-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na
antsaina ampiabihemaso
raha tsy ahazoana alalana vita
soratanana avy amin'ny
tompony

FANAMPIANA NY TRABOINA

Nanolatra vary 6 taonina ny OFMATA

Tonga nanatitra vary makalioka milanja 6 taonina teny amin'ny BNGRC Antanimora ny talata teo ny orinasampanjakana OFMATA (Office Malgache des Tabacs), notarihin'ny Tale jeneraliny Randrianatsimbazafy Eddy. Izao fanampiana izao dia anjara bireky ho fanampiana ireo traboina noho ny ranobe vokatry ny andro ratsy niseho hatramin'ny faramparan'ny volana january sy ny fiandohan'ny volana



Ny tale jeneralin'ny orinasa OFMATA (faha-4 avy ankavia), teny amin'ny BNGRC Antanimora.

febroary teo teto amintsika. Ny orinasa OFMATA no hany orinasa mahazo manangona sy mivaratra paraky eto amintsika, any

amin'no mividy ny paraky hanaovana sigara sy paraky, ireo orinasa misahana izany eto amintsika. Aly

Traboina noho ny rano miakatra

Mbola miantso fanampiana ny any Mahanoro

Maro ireo traboina noho ny rano miakatra any amin'ny distrikan'i Mahanoro, faritra Atsinanana. Noho izay antony izay, mbola miantso fanampiana amin'ny malala-tanana ny any an-toerana araka ny fanambarana nataon'ny depiote voafidy tany amin'ny distrika iny, Rakotoson Hubert. Efa tonga nitondra fanampiana tany an-toerana ny fiandohan'ity herinandro ity ny fitondram-panjakana notarihan'ny Praimi-


nistra Ntsay Christian, toy izany koa ny avy amin'ny BNGRC, na ny Birao Nationaly Mitantana ny Loza Voajanahary, mbola tsy ampy anefa izany, noho ny takaitra lehibe tokoa navelan'ny andro ratsy Francisco ny faran'ny herinandro teo. Ankoatra izany, tapaka avokoa ny lalana mampitohy ny renivohitry ny distrika, sy ireo kaominina manodidina mandrafitra an'i Mahanoro. Miantso ny fitondram-panjakana izy ireo

amin'ny fanampiana ho amin'izany satria tsy vitan'ny distrika sy ireo kaominina fotsiny ny fana-renana ny amin'ireo lalana samba ireo. Simba ihany koa amin'izao fo-toana ny lalampirenena mampitohy an'i Vatomandry sy Mahanoro, efa tam'inny fitondran'ny Filoha Marc Ravalomanana, talohan'ny taona 2008 no nahavitan'izany tara, tsy nisy fikojana anefa izany lalana izany, ka dia potika ankehitriny.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 311



BL = Bory Loha

BR = Bory Rambo

MIV = Mivadika

MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0310)

Mitsivalana

- Manafina
- IV – Sasa
- Tararaka
- Ana – Alao
- (S)oa – Afo
- Fia – Sa
- Anatra

Mitsangana

- Mitaona
- Avana
- Rà – Fa
- Asa – Tia (miv)
- Farafar(a)
- Isalo
- Naka
- Kadoa (miv)

Ratolojanahary Maharavo

Ataon'ny mpandrahahara tantly afadrakotra ny harenan'ny faritra Sofia

Gaboraraka tanteraka ny fitrandrahana ataon'ny mpandrahahara vahiny, na tompon-tany, ny harena an-drano masina any amin'ny faritra Sofia, hoy Andriamatoa Ratolojanahary Maharavo. Nanzava ity farany fa tsy misy tombontsoa ho an'ny vahoaka, sy ho an'ny faritra ny fandrahahara ataon'ny mpitrandraka harena ankibon'ny tany, satria mandoa 50 Ar isaky ny kililaon'ny vato aondrana monja izy ireo, izay fanondrana tsy misy « Ristourne Minier », na tamberim-bidy, sy tsy misy « Redevance Minier » akory. Nanohy nanzava Andriamatoa Ratolojanahary Maharavo fa manao izay da-nin'ny kibony ny mpitrandraka satria tsy misy lalana mifehy azy ireo ary tsy misy sampañ-draharahan'ny harena ankibon'ny tany hanara-maso azy ireo any an-toerana ary tsy fantatry ny tompon'andraiki-panjakana akory ny fisian'ireo mpitrandraka sy ny zavatra ataon'izy ireo any an-toerana. Ankoatra izany, nilaza izy fa tsy ara-dalana ihany koa ny fitrandrahana harena an-drano masina any amin'ny faritra Sofia, satria zara raha mandoa 50 Ar isaky ny kilao ny Drakaka « Crabs » ny mpandrahahara iray. Manginy fotsiny hoy ity farany ny fanapotehana ny tontolo iainana, ao anatin'izany ny fanapahana sy fanapotehana ny ala honko na « Mangro-ves », izay ataon'ny Sinoa, izay miisa 1875 tao amin'ny Fokontany Sahamalaza ny farany teo. Eo amin'ny sehatry ny fizahantany, nilaza izy fa betsaka ireo trano fandraisam-bahiny kintana 3 na kintana 4 kanefa tsy fantatry ny tompon'andraiki-panjakana akory ny fisian'izy ireo any an-toerana. Mba hisian'ny fangarahahana eo amin'ny fitrandrahana ao amin'ny faritra Sofia dia hampiantso ireo mpandrahahara rehetra ny tompon'andraikirity ny faritra amin'ny 28 Febrero 2020 ho avy izao, hamaritra miaraka ny zavatra tokony hatao sy hijery ny tombontsoan'ny vahoaka sy ny faritra amin'ny fitrandrahana ataon'ny mpandrahahara, ary ny farany, hisy ny fiofanana iombonana hatao eo amin'ny mpitrandraka sy ny tompon'andraiki-panjakana, mba hisian'ny fenitra aradalana eo amin'ny tontolon'ny fandrahahana any amin'ny faritra Sofia.

Franck Razakambelo

TENY MIFANAPAKA

N° 311

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

Mitsivalana

- Milaza fananana – Manambatra
- Mpanondro toerana – Lao, ary
- Tsinjaka – Tao
- Mahantra – Araka ny teninao
- Hasondrotra
- Fizaran-taona (miv)
- Faran-teny – Sakafo (miv) – Fono-tongotra
- Horona
- Kianteny – Solontena
- Tovany – Aiza ?

Mitsangana

- Taranaka fara-mandimby
- Hazardrano – Tsofoka
- Sintona
- Kanto – Mari-bola
- Marofy
- Mari-boninahity ny tafika
- Naoty (miv) – Avotany (miv)
- Fomba maha-zatra (miv) – Ao amin'ny fery
- Ireo tavela – Endrika
- Isaomena farany ambany

Valiny Teny mifanaraka 0310

Mitsivalana

- Fahalandra
- Olona – Rano (miv)
- Rova – Toy
- Fako (miv) – Tsia (miv)
- Na – Adinoy
- Afo – Ti
- O.I – Rainay
- Haingo (miv) – Dia (miv)
- A.G – Nos(y) – Ny
- Adala – Atao

Mitsangana

- Forona
- Aloka – Dago (miv)
- D. Hova
- Ainga
- Fafana (miv)
- F. La – Dorana
- G. Fay – Aho
- Lo – Inty – Sa
- Antsoina
- J. Naoty – Aina K. Ary – Didio


An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny Monde justice nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Anosy.



FANASANA



**FIHAONAMBEN'NY TOMPON'ANDRAIKITRY
NY ANTOKO TIAKO I MADAGASIKARA.**

Alarobia 26
2020 Febrero

TIM FOREVER
TEAM DYNAMIC